# Mifohaza!

FEBROARY 2012



## Ny Tsara ho Fantatra Momba ny Tranonkala Fifaneraserana

ATO KOA: AHOANA NO TOKONY HIVAVAHANA? PEJY 12



# NY TSARA HO FANTATRA MOMBA NY TRANONKALA FIFANERASERANA


3 Te Hifandray Amin'ny Hafa

4 Inona no Itiavan'ny Olona Azy?

6 Zavatra Efatra Tokony ho Fantatrao



**Mifohaza!**

ISAN'NY NATONTA **41 042 000**

MIVOAKA AMIN'NY FITENY **84**



10 Tanàna Vita Amin'ny Taratasy

12 Inona no Lazain'ny Baiboly? Ahoana no Tokony Hivavahana?

14 Arovy ny Masonao

15 Ny Hakanton'ny Kintana

18 Manontany ny Tanora Hoe... Ahoana re no Hampahafinaritra ny Fianarako Baiboly E?

21 Nisy Namorona Ve? Ny Fahaizan'ny Fanenitra Mpanao Taratasy

22 Mety ve ny Mitsako Maintim-bazana?

26 Ahoana no Nahatonga ny Teny Arabo ho Fitenin'ny Avara-pianarana?

29 Topy Maso Eran-tany

30 Natao Hodinihin'ny Mpianakavy

32 "Faran'izay Tsara Ilay Boky"



# Te Hifandray Amin'ny Hafa

● Diniho ity tantara ity: Nataon'ny olona hoe tsy maharaka i Sam, izay nipetraka tany ambanivohitr'i Etazonia, tamin'ny 1950 tany ho any. Tsy nety nampiasa telefaonina mba hifandraisana amin'ny namany sy ny havany mantsy izy, nandritra ny taona maro. Te hampiasa an'ilay izy daholo anefa ny olona, hatramin'ny zanany. Hoy izy tamin'ilay zanany vavy 16 taona: "Tiako erỳ ny fiainana taloha. Nifanatri-tava taminao izay niresahanao, tamin'izany."

Nanomboka nisaintsaina anefa i Sam. Noeritreretiny ireo olona tsy hitany na tsy niresahany aman-taonany. Teo koa ireo havany toa sahirana loatra ka tsy azony nifandraisana intsony. Nieritreritra izy hoe: 'Angamba aho tsy maintsy hampiasa an'io zava-baovao io ihany, raha te hifandray amin'ireny olona rehetra ireny.' Nikasa hividy telefaonina ihany i Sam, tamin'ny farany.

Alao sary an-tsaina indray izay nitranga, 60 taona teo ho eo tatỳ aoriana. Vao avy niresaka an-telefaonina tamin'i Roberto sy Angela, namany lasa any an-tany hafa, i Nathan, zafikelin'i Sam. Tena mandeha haingana ny fotoana, ka hoy i Nathan: 'Folo taona sahady izay no lasa.'

Ampy an'i Nathan, hatramin'izay, ny antso tsindraindray avy amin'ny havany sy ny namany nifindra any an-tany lavitra. Toa mampiasa tranonkala fifaneraserana anefa izao ny olona rehetra, hatramin'ny zanak'i Nathan.

Ataon'ny olona hoe tsy maharaka i Nathan satria tsy mety mampiasa an'io fomba fifandraisana vaovao io. Hoy izy: "Tiako erỳ ny fiainana taloha. Renao ny feon'ny olona antsoinao amin'ny telefaonina." Nanomboka nieritreritra anefa i Nathan hoe: 'Angamba aho tsy maintsy hampiasa an'io zava-baovao io ihany, raha te hifandray amin'ireny olona rehetra ireny.'

Efa nieritreritra toy izany koa ve ianao? Ny olombelona mihitsy no efa tia mifandray. (Genesisy 2:18; Ohabolana 17:17) Maro no mifandray amin'ny alalan'ny tranonkala fifaneraserana. Inona àry no tokony ho fantatrao momba azy io?

# Inona no Itiavan'ny Olona Azy?




IZA amin'ireto no *nampiasainao* hifandraisana amin'ny olona, tato anatin'ny iray volana?

| | |
|---|---|
| Resaka mivantana | Taratasy na karta |
| Telefaonina | E-mail |
| SMS | Kamerà amin'ny ordinatera |
| Tranonkala fifaneraserana | Hafa |

Maro be izao ny fomba azo ifandraisana amin'ny olona ary samy misy mahatsara sy maharatsy azy ireny. Diniho ireto:

## RESAKA MIVANTANA

**Mahatsara azy:** Hita tsara ny endrikao sy ny fihetsikao ary re tsara ny feonao ka mazava kokoa ny tianao hambara.

**Maharatsy azy:** Tsy maintsy eo ilay miresaka sy ilay iresahana.

## TARATASY NA KARTA

**Mahatsara azy:** Mampita fihetseham-po sady mivantana kokoa.

**Maharatsy azy:** Mitaky fotoana ny fanoratana azy sady andro maromaro vao voaray.

## E-MAIL

**Mahatsara azy:** Haingana ny fanoratana sy fandefasana azy.

**Maharatsy azy:** Matetika ilay mamaky no diso fandray an'izay fihetseham-po ao, na tsy misy fihetseham-po mihitsy ilay e-mail.

Ary ahoana ny amin'ny tranonkala fifaneraserana, izay lazaina fa *mety indrindra* hifandraisana? An-jatony izy ireny ary ny Facebook no malaza indrindra. Olona 800 tapitrisa eo ho eo no mampiasa Facebook. Hoy ny gazetiboky *Fotoana* (anglisy): "Raha firenena ny Facebook, dia izy no ho fahatelo be mponina indrindra aorian'i Chine sy Inde." Inona no atao hoe tranonkala fifaneraserana, ary nahoana izy ireny no lasa malaza be?

Tranonkala ahafahanao miresaka amin'izay namana fidinao ny tranonkala fifaneraserana. Hoy i Jean, 21 taona: "Mety tsara mba hifandraisana ilay izy. Mety tsara koa ilay izy raha tianao ny hampiseho sary tamin'ny dia natao-nao na zava-nitranga iray."

Koa maninona raha manoratra taratasy? Mety hisy hilaza hoe 'mandany fotoana be iza-

**Mifohaza!** **NATONTA ITY GAZETY ITY** mba hanome fahalalana ny fianakaviana manontolo. Mampiseho ny fomba iatrehana ireo olana ankehitriny izy ity. Milaza vaovao sy manazava momba ny olona any amin'ny tany maro koa izy ity, ary mamakafaka ny fivavahana sy ny siansa. Tsy izay ihany anefa, fa mandalin-javatra izy ity, ka milaza ny tena hevitra fonosin'ireo fisehoan-javatra farany. Tsy momba ny atsy na ny aroa amin'ny politika mihitsy anefa izy ity, ary tsy manindrahindra firazanana na inona na inona. Izao anefa no zava-dehibe indrindra: Ity gazety ity dia manao izay itokisana amin'ny fampanantenan'ny Mpamorona, dia ny hanorina tontolo vaovao miadana sy mandry feizay, izay efa hisolo ny tontolo ratsy sy tsy tan-dalàna ankehitriny.

Tsy natao hamidy ity gazety ity. Ny famoahana azy ity dia anisan'ny asa fampianarana Baiboly maneran-tany tohanana amin'ny alalan'ny fanomezana an-tsitrapo. Raha tsy misy fanamarihana manokana, dia avy amin'ny dikan-teny maoderina hoe *Ny Soratra Masina—Fandikan-tenin'ny Tontolo Vaovao* ny andinin-teny ato.

*Awake!* (ISSN 0005-237X) is published monthly by Watchtower Bible and Tract Society of New York, Inc.; M. H. Larson, President; G. F. Simonis, Secretary-Treasurer; 25 Columbia Heights, Brooklyn, NY 11201-2483, U.S.A. **FIOVAM-PONENANA:** Omeo anay ny adiresinao vaovao sy taloha. © 2012 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania. Tsy azo adika na alain-tahaka. Printed in Japan.

Vol. 93, No. 2 Monthly MALAGASY

ny' sady lafo ny manasa sary. Ary raha miantso an-telefaonina? Mandany fotoana be koa izany sady olona iray ihany no azo iresahana isaky ny miantso. Mety tsy ho ao an-trano na tsy ho afaka hiresaka koa ilay olona antsoina. Ary ny e-mail? Hoy i Danielle, 20 taona: "Tsy mamaly e-mail intsony ny olona, na mamaly ihany fa *herinandro maromaro* atỳ aoriana. Ny tranonkala fifaneraserana anefa tsotra kely ny mampiasa azy. Mametraka fanazavana momba an'izay ataoko fotsiny aho, dia milaza an' izay ataony ny namako. Mahara-baovao foana ianao raha vao tafiditra ao amin'ny kaontinao."

Tsy hoe tsy zava-dehibe foana anefa ny resaka ao amin'ny tranonkala fifaneraserana. Betsaka, ohatra, no mampiasa azy io rehefa misy loza, mba hahazoana vaovao momba ny havana aman-tsakaiza. Nisy nanao toy izany tamin' ilay horohoron-tany sy tsunami tany Japon tamin'ny 11 Martsa 2011.


Diniho izay nataon'i Benjamin, any Etazonia. Hoy izy: "Tapaka ny telefaonina taorian' ilay tsunami tany Japon. Nisy namanay tany Tokyo nandefasan'ny namako e-mail nefa tsy namaly. Noraisiko ny findaiko ary nankao amin'ny tranonkala fifaneraserana aho nijery ny pejin'ilay namanay. Tonga dia hitako ilay hafatra napetrany tao hoe tsy maninona izy ary mbola hilaza vaovao misimisy kokoa."

Hoy ihany i Benjamin: "Tsy maintsy nandefa e-mail koa aho, ho an'ireo namako nahalala azy nefa *tsy nampiasa* tranonkala fifaneraserana. Ela vao hitako ny adiresin'izy rehetra ary ela koa vao voasoratro ireo e-mail. Maro no namaly rehefa afaka andro vitsivitsy, ary ny iray aza afaka tapa-bolana teo ho eo. Maro loatra ny e-mail voarain'izy ireo ka tsy arany daholo. Tena mitsitsy fotoana ny tranonkala fifaneraserana. Vetivety ny rehetra dia efa maharaka ny zava-misy."


Misy mahatsara ny tranonkala fifaneraserana àry. Mety hampidi-doza ve anefa izy ireny? Raha eny, inona avy izany loza izany ary ahoana no hisorohana azy?

## AHOANA NO FOMBA FIASANY?

**1.** **Mametraka hafatra eo amin'ny pejinao ianao.**



**2.** **Mahita ny hafatrao ny namanao rehetra rehefa miditra ao amin'ny kaontiny. Mahita ny hafatr'izy ireo koa ianao rehefa miditra ao amin'ny kaontinao.**



**FITENY:** Afrikaans, albaney, alemà,[+◇] amharique, anglisy,[+◇] arabo, armenianina, bichlamar, boligara, cebuano, chichewa, chitonga, cinghalais, danoà,[◇] espaniola,[+◇] estonianina, éwé, failandey,[◇] fidjianina, frantsay,[+⊙◇] géorgien, goujrati, grika, hebreo, hiligaynon, hindi, holandey,[+◇] hongroà, ibo, icibemba, iloko, indonezianina, iokrenianina, islandey, italianina,[+⊙◇] japoney,[+◇] kannada, kinyarwanda, kirghiz, kirundi, koreanina,[+◇] kroaty, letonianina, lingala, litoanianina, masedonianina, malagasy, malayalam, maltais, myama, norvezianina,[◇] ourdou, pendjabi, poloney,[+◇] portogey,[+⊙◇] rarotonga, romanianina, rosianina,[+◇] samoanina, sepedi, serba, sesotho, shona, silozi, sinoa (nentim-paharazana)[◇] (noraisim-peo amin'ny teny mandarin ihany), sinoa (notsorina), slovaky, slovenianina, soedoà,[◇] swahili, tailandey, tagalog,[◇] tamoul, tiorka, tok pisin, tongan, tseky,[◇] tsonga, tswana, twi, vietnamianina, xhosa, yorobà, zoloa

[+] Misy amin'ny CD koa. [⊙] Misy amin'ny CD MP3 koa.
[◇] Misy gazety noraisim-peo koa ao amin'ny www.jw.org.

**MISY FANONTANIANAO VE SA TE HIANATRA BAIBOLY MAIMAIM-POANA ANY AN-TRANONAO IANAO?** Manorata àry any amin'ny Vavolombelon'i Jehovah, any amin'ny iray amin'ireto adiresy ireto. Raha mitady ny adiresin'ny biraon'ny sampana rehetra ianao, dia jereo ny www.watchtower.org/address. Afrika Atsimo: Private Bag X2067, Krugersdorp, 1740. Alemaina: 65617 Selters. Belzika: rue d'Argile-Potaardestraat 60, B-1950 Kraainem. Etazonia: 25 Columbia Heights, Brooklyn, NY 11201-2483. Frantsa: BP 625, F-27406 Louviers cedex. Grande-Bretagne: The Ridgeway, Londres NW7 1RN. Hong Kong: 4 Kent Road, Kowloon Tong. Japon: 4-7-1 Nakashinden, Ebina City, Kanagawa-Pref, 243-0496. Kanada: PO Box 4100, Georgetown, ON L7G 4Y4. Madagasikara: BP 116, 105 Ivato. Maorisy (Nosy): Rue Baissac, Petit Verger, Pointe aux Sables. Rosia: PO Box 182, 190000 Saint-Pétersbourg.

# Zavatra Efatra Tokony ho Fantatrao

Tadidio fa mitovy amin'ny zavatra hafa ao amin'ny Internet ihany ny tranonkala fifaneraserana ka mety hampidi-doza.* Diniho àry ireo fanontaniana manaraka.



## 1 Inona no ho Vokany eo Amin'ny Fiarovana ny Tsiambarateloko?

*"Ny teny maro tsy ilaozan'ota, fa malina kosa ny olona mahafehy ny vavany."—Ohabolana 10:19.*

**Tsara ho fantatra:** Mety ho be loatra ny zavatra ho fantatra avy amin'ny mombamomba anao, ny sarinao, ny hafatra apetrakao ho hitan'ny namanao, ary ny fanamarihana apetrakao amin'ny pejin'olon-kafa, raha tsy mitandrina ianao. Mety ho fantatra, ohatra, hoe aiza ianao no mipetraka, rehefa inona ianao no ao na tsy ao, ary aiza ianao no miasa na mianatra. Ho hain'ny mpangalatra hoe rahoviana izy no ho avy, raha mametraka hafatra ianao hoe "handeha vakansy izahay rahampitso" ary efa ao ny adiresinao.

Raha fantatr'olona ny adiresy e-mail-nao, ny daty nahaterahanao, ny nomeraon-telefaoninao, na ny toy izany, dia mety hisy hihetraketraka aminao na hanadala anao, ary mety hisy hampiasa ny mombamomba anao. Maro anefa no mametraka an'ireny ao amin'ny tranonkala fifaneraserana.


Hadinon'ny olona matetika hoe hitan'ny besinimaro izay apetrany ao amin'ny Internet. Mety ho efa namboarinao ny pejinao ka ny namanao ihany no mahita ny fanazavana ao. Tsy azonao sakanana tsy hampiasa an'izany araka izay itiavany azy anefa izy. Tadidio fa hitan'ny olona na *azo atao* hitan'olona ny zavatra apetraka ao amin'ny tranonkala fifaneraserana.

**Ny azonao atao:** Fantaro tsara ny fiarovana ny tsiambaratelo ary ampiasao. Izay olona fantatrao sy atokisanao ihany no avelao hahita ny sarinao sy ny fanazavana apetrakao ao amin'ny pejinao.

Tadidio foana anefa fa mety ho betsaka tsy araka ny nieritreretanao azy no hahita an'izay napetrakao. Jereo matetika ny pejinao, ary diniho izay napetrakao tao. Mety hampiasain'ny olona ratsy saina ireny mba hamantarana ny misy anao na hampiasana ny mombamomba anao. Na dia amin'ny pejin'ny namanao aza, dia aza milaza zavatra mety hahafantarana ny tsiambaratelonao na ny an'ny hafa. (Ohabolana 11:13) Mampiasà fomba hafa raha te hiresaka zavatra manokana ianao. Hoy ny tovovavy atao hoe Cameron: "Mivantana kokoa ny resaka an-telefaonina sady tsy fantatry ny hafa."

**Fehiny:** Tena marina ny tenin'i Kim hoe: "Afaka miaro ny tsiambaratelonao ianao raha mieritreritra tsara. Tsy hahita olana ianao raha tsy ianao mihitsy no mitady."

* Tsy mampirisika na manakana ny fampiasana tranonkala iray manokana ny *Mifohaza!* Tsy tokony hanao zavatra mifanohitra amin'ny toro lalan'ny Baiboly anefa ny Kristianina rehefa mampiasa Internet.—1 Timoty 1:5, 19.



## 2 Inona no ho Vokany eo Amin'ny Fotoanako?

*'Fantaro tsara izay zava-dehibe kokoa.' —Filipianina 1:10.*

**Tsara ho fantatra:** Mety handany ny fotoananao ny tranonkala fifaneraserana ary hahatonga anao ho variana ka tsy hahavita an'izay tokony hatao. Hoy i Kay: "Mampiasa tranonkala fifaneraserana ela kokoa ianao, arakaraka ny maha be namana anao, ka vao mainka tsy te hiala." Diniho ny tenin'ireto olona ireto, izay efa tratran'izany.

"Sarotra ny miala eo amin'ny tranonkala fifaneraserana na dia tsy tena tianao aza ilay izy. Hoatran'ny hoe azon'ody ianao." —Elise.

"Be zavatra mahaliana ao: Kilalao, fitsapana, pejin'ny mpankafy, ary manginy fotsiny ny fijerena ny pejin'ny namanao rehetra." —Blaine.

"Eo ianao, dia eo, dia eo, dia tsy tonga saina mihitsy raha tsy tonga ny mamanao miteny hoe: 'Ary toa mbola tsy voasasa ihany ny vilia?' "—Analise.

"Tsy andriko izay hodiana avy any am-pianarana mba hijerena an'izay namaly ahy. Tsy maintsy namaly azy rehetra aho, avy eo, sady nijery ny sary rehetra vao nampidiriny. Kizitina be aho rehefa nampiasa Internet ary tsy te hohelingelenina mihitsy. Misy olom-pantatro tsy miala ao amin'ny tranonkala fifaneraserana mihitsy, na dia rehefa any an-tranon' olona sy efa alim-be aza."—Megan.

**Ny azonao atao:** Sarobidy ny fotoana ka tsy tokony holanilanina. Maninona raha mianatra mitsinjara fotoana, toy ny rehefa manao teti-bola? Soraty ny habetsahan'ny fotoana hitanao hoe antonony raha holanina amin' ny tranonkala fifaneraserana, ary jereo raha voahajanao izany ao anatin'ny iray volana. Manaova fanitsiana raha ilaina.

Raha manan-janaka ianao ary be loatra ny fotoana laniny amin'ny tranonkala fifaneraserana, dia jereo sao misy olana mahatonga izany. Nilaza, ohatra, i Nancy Willard ao amin' ilay bokiny momba ny Internet fa mety hihevitena ho tsy misy dikany ilay ankizy na miady saina, matoa mampiasa tranonkala fifaneraserana foana. Hoy izy: "Maro ny ankizy manahy momba an'izay heverin'ny olona momba azy. Raha ny fifaneraserana amin'ny alalan'ny fitaovana elektronika no hamaritany na tian'ny olona izy na tsia, dia mety handevozin'izany izy."

Aza avela hanelingelina ny fifandraisanareo mianakavy mihitsy ny tranonkala fifaneraserana na ny *zavatra hafa* ao amin'ny Internet. Hoy i Don Tapscott, ao amin'ilay bokiny hoe *Miara-lehibe Amin'ny Teknolojia* (anglisy): "Izao no mahatsikaiky amin'ny Internet: Mampifandray ny mpianakavy izy rehefa mifanalavitra izy ireo, nefa mampifanalavitra ny mpianakavy izy rehefa samy ao an-trano izy ireo."

**Fehiny:** Hoy i Emily: "Mety tsara hifandraisana amin'ny olona ny tranonkala fifaneraserana. Tokony ho hainao fotsiny hoe rahoviana ilay izy no tokony hopihina, toy ny zavatra hafa rehetra ihany."



## 3 Inona no ho Vokany eo Amin'ny Lazako?

*"Aleo laza tsara, toy izay harem-be, ary ny fanajana dia ambony vidy noho ny volafotsy amam-bolamena."—Ohabolana 22:1, "Fandikan-teny Katolika."*

### AKATÒNY NY KAONTINAO

Mety hisy hametraka zavatra ao amin'ny pejinao, raha avelanao hisokatra ny kaontinao nefa ianao tsy eo. Milaza i Robert Wilson, mpisolovava, fa "toy ny hoe mamela ny kitaponao na ny findainao eny amin'ny toerana falehan'ny besinimaro ianao", raha manao an'izany. "Afaka mametraka zavatra ao amin'ny pejinao izay te hanao izany." Inona no toroheviny? "Akatòny ny kaontinao."

**Tsara ho fantatra:** Izay apetrakao ao amin'ny tranonkala fifaneraserana no amantarana anao, ary sarotra be ny manova an'izay efa eritreretin'ny olona momba anao. (Ohabolana 20:11; Matio 7:17) Toa tsy mahalala ny loza mety haterak'izany ny olona maro. Hoy ny tovovavy iray atao hoe Raquel: "Toa tsy misaina tsara intsony ny olona rehefa ao amin'ny tranonkala fifaneraserana. Miteny zavatra tsy sahiny tenenina amin'ny andavanandro izy. Tsy takatry ny sasany hoe ho simba ny lazany, na dia iray monja aza ny zavatra hafahafa apetrany ao."

Hisy vokany maro eo aminao ny hoe malaza ratsy ianao, ao amin'ny tranonkala fifaneraserana. Hoy ilay boky *Miara-lehibe Amin'ny Teknolojia:* "Betsaka ny olona very asa na tsy mahazo asa, noho ny zavatra napetrany tao amin'ny tranonkala fifaneraserana."

**Ny azonao atao:** Jereo ny pejinao ary eritrereto izay mety ho fahitan'ny olona anao. Mieritrereta hoe: 'Izao tokoa ve no tiako ho fahitan'ny hafa ahy? Raha mijery ny sariko ny olona iray ka asaina milazalaza ny momba ahy, inona no holazainy? Jejojejo ve, sa mpanaitaitra ny filan'ny hafa, sa tia fety? Raha mijery ny pejiko, ohatra, ny olona angatahako asa, izany ve no tiako hiheverany ahy? Tena mampiseho an'izay fitsipika arahiko ve ireny sary ireny?'

Saintsaino izao raha tanora ianao: 'Ahoana raha mijery ny pejiko i Dada sy Neny na ny mpampianatra ahy na ny olon-dehibe iray hajaiko? Hahamenatra ahy ve ny zavatra ho hitany ao?'

**Fehiny:** Tadidio ity tenin'ny apostoly Paoly ity: "Izay afafin'ny olona ihany no hojinjainy."—Galatianina 6:7.

### AZA MITADY LOZA!

Hita tamin'ny fanadihadiana nataon'ny gazety *Tatitry ny Mpanjifa* (anglisy) fa izay ataon'ireo mampiasa tranonkala fifaneraserana no mety hahatonga azy "hangalaran'ny olona sy hisy hanadala foana. Mety hisy hampiasa koa ny mombamomba azy. Ny 15 isan-jaton'izy ireo no milaza ny toerana misy azy na izay halehany, ny 34 isan-jatony no milaza ny daty nahaterahany, ary ny 21 isan-jaton'ireo manan-janaka no milaza ny anaran'ny zanany sy mametraka ny sariny ao."



## 4 Iza no Lasa Namako?

*“Ho hendry izay miaraka amin’ny hendry, fa hahita loza kosa izay minamana amin’ny tsisy saina.”—Ohabolana 13:20.*

**Tsara ho fantatra:** Misy vokany eo amin’ny fomba fisainanao sy ny ataonao ny namanao. (1 Korintianina 15:33) Mila mahay mifidy namana àry ianao, ao amin’ny tranonkala fifaneraserana. An-jatony no eken’ny olona sasany ho namany nefa zara raha fantany izy ireny na tsy fantany mihitsy. Ny hafa mahita hoe tsy ny namany rehetra no namana tsara. Diniho izay nolazain’ireto olona ireto.

“Hahita olana izay manaiky ho naman’izao olona rehetra izao.”—Analise.

“Betsaka ny olona fantatro hoe mampiditra olon-kafa ho namany na dia tsy tiany aza ilay olona, satria fotsiny hoe tsy te hampalahelo an’ilay olona izy.”—Lianne.

“Hoatran’ny minamana amin’ny olona mivantana ihany io. Mila mitandrina ianao rehefa mifidy namana.”—Alexis.

**Ny azonao atao:** Mametraha fitsipika. Misy, ohatra, mametra an’izay ataony namana.* Diniho ireto:

“Olona *fantatro tsara* ihany no ataoko namana, fa tsy izay *fantapantatro* fotsiny.”—Jean.

“Olona efa fantatro hatry ny ela ihany no ataoko namana. Tsy ekeko ho namana mihitsy izay tsy fantatro.”—Monique.

“Tiako raha izay olona fantatro tsara sy manaraka ny fitsipika arahiko ihany no ataoko namana.”—Rae.

“Tsy ekeko izay olona tsy fantatro nefa mangataka ho namako. Izay ny ahy! Olona fantatro sady efa namako *amin’ny andavanandro* daholo ny namako ao amin’ny tranonkala fifaneraserana.”—Marie.

“Tsy mampaninona ahy ny manala olona iray tsy ho namako raha manomboka mametraka sary na hafatra tsy mendrika izy. Efa ratsy na dia ny mijery ny zavatra napetrany fotsiny aza.”—Kim.

“Namboariko tsara ny firafitry ny pejiko, tamin’izaho nampiasa tranonkala fifaneraserana. Tsy navelako hahita ny sary sy hafatra napetrako tao ny naman’ny namako, fa ny namako ihany. Tsy haiko mantsy raha ho namana tsara ny naman’ny namako. Tsy fantatro ry zareo, sady tsy fantatro na malaza tsara na tsia.”—Heather.

**Fehiny:** Hoy ny Pr. Gwenn O’Keeffe, ao amin’ilay bokiny momba ny Internet: “Ny tsara indrindra dia hoe aleo izay olona efa fantatrao sy efa ifandraisanao andavanandro ihany no atao namana.”#

---

* Namana no resahina ato amin’ity lahatsoratra ity fa tsy olona tsy maintsy ifandraisanao amin’ny asa.

\# Misy fanazavana hafa momba ny tranonkala fifaneraserana ao amin’ny *Mifohaza!* Jolay 2011, pejy 24-27 sy Aogositra 2011, pejy 10-13.

# TANÀNA VITA AMIN'NY TARATASY

AHOANA koa izany? Tsy tena tanàna ilay izy fa modelina tanàna. Ny tanànan'i Prague, renivohitry ny Repoblika Tseky, izy io, ary ao amin'ny Tranombakok'i Prague no misy azy. I Antonín Langweil no nanao azy nandritra ny 11 taona, nanomboka tamin'ny 1826 ka hatramin'ny 1837, taona nahafatesany. Nahoana izy no nanao an'io asa sarotra io?

Teraka tao Postoloprty, Repoblika Tseky, i Langweil, tamin'ny 1791. Nianatra teknika fanaovana pirinty manokana tao amin'ny Akademia Momba ny Zava-kanto any Vienne, Aotrisy, izy. Izy no voalohany nanana trano fiasana fanaovana an'io karazana pirinty io, tao Prague. Tsy dia nahay ny resaka varotra anefa izy ka maty antoka. Nanatrika fampirantiana tao Prague izy tamin'ny 1826, ary nahita modelina tanàna vita tamin'ny platra. Ny tanànan'i Paris, any Frantsa, izany. Tapa-kevitra koa àry izy fa hanamboatra modelin'ny tanànan'i Prague, ka baoritra sy hazo no hampiasainy.



**Antonín Langweil**


Nijery tsara sy nanamarika ny tsipirian' ilay tanàna aloha i Langweil, nandritra ny taona maromaro. Noteteziny ny lalana rehetra ary nanao sarisary izy, ka nomarihiny ny toerana nisy trano, seza eny amin'ny zaridainam-panjakana, sarivongana ary hazo. Nomarihiny hatramin' ny barìka teny amin'ny tany, varavarankely simba, tohatra miankina amin'ny rindrina, ary antontan-kazo. Namboariny avy eo ilay modely, ka

Langweil, pejy 10: S laskavým svolením Národního muzea v Praze; modely, pejy 10 sy 11: S laskavým svolením Muzea hlavního mesta Prahy

***Ilay tanànan'i Prague nataon'i Langweil ▼***



***Ilay modely rehefa jerena akaiky ▶***



nataony 1/480 amin'ny tena izy ny habeny. Nivarotra modelin'ny tranon'ny olona ambony koa izy, mba hanampiana ny fidiram-bolany.

Voan'ny tioberkilaozy i Langweil tamin'ny 1837 ary maty ny volana Jona. Namela vady sy kamboty dimy mirahavavy izy. Napetraka tao amin'ilay Tranombako-pirenena ankehitriny ilay modely, telo taona taorian'izay. Namidin'ny vadin'i Langweil tamin'ny Mpanjaka Ferdinand I mantsy ilay izy, tamin'ny 1840, ka nataon'ilay mpanjaka fanomezana ho an'ny tranombako-pirenen'ny Repoblika Tseky. Kesika sivy no nitondrana an'ilay izy. Ao amin'ny Tranombakok'i Prague ilay modely izao, ary hoy ny mpitondra tenin'io tranombakoka io momba an'ilay modely: 'Tsindraindray ihany vao naranty ilay asa tanan'i Langweil, tamin'ny taonjato faha-19. Anisan'ny naranty nandritra ny Fampirantiana Tamin'ny Jobilim-paritra izy io tamin'ny 1891. Nisy fanamboarana be natao taminy, talohan'izay. Naranty tao amin'ny Tranombako-pirenena izy io, nanomboka tamin'ny 1905.'



**Nahaliana an'ireo mpahay tantara**

Malaza be ilay asa tanan'i Langweil. Mirefy 5,76 metatra ny lavan'izy io ary 3,24 metatra ny sakany. Ao anaty vata fitaratra misy jiro kely be dia be mihantona ilay izy. Toy ny tena izy ilay "tanàna" ka tsy mieritreritra ianao indraindray rehefa mijery azy hoe modely fotsiny ilay izy. Namboarin'i Langweil araka ny marina tsara tokoa ireo trano kely roa arivo mahery.

Nasian'i Langweil nomeraon-tany, ohatra, ilay tanàna. Napetrany koa ireo jiro eny amin' ny lalana, ny lakan-drano, ary ireo lalana rarivato. Nataony nitovy tanteraka tamin'ny tena izy ny trano fiangonana ka hita ireo varavarankely misy fitaratra milokoloko sy fitaratra vaky na efa niala. Tazana koa ireo biriky ao ambanin'ny lalotra efa miendaka, eny amin'ny rindrina. Nataony tao koa ny Reniranon'i Vltava, izay mamakivaky an'i Prague.

Ao amin'ny tranombakoka izao ilay tanàna vita amin'ny taratasy ary mahaliana ny olona. Manintona ny mpitia zava-kanto sy ny mpahay tantara te hahita ny fiovan'ny tanànan'i Prague koa izy io. Mazava ho azy fa efa niova ny toerana sasany, satria nisy trano naorina na nohavaozina, indrindra ny tanànan'ny Jiosy sy ilay faritra antsoina hoe Tanàna Fahiny. Efa mandroso izao ny teknolojia ka azo jerena amin' ny ordinatera ilay modely mba hahitana ny tanànan'i Prague tamin'ny 1837.

Nangataka ny hametrahana an'ilay modeliny tao amin'ny Tranombako-pirenena ankehitriny i Langweil, tamin'izy efa narary tamin'ny Aprily 1837. Tsy liana anefa ny tao. Azo inoana fa nalahelo be izy. Ahoana anefa raha mbola velona izy izao ary mitsidika ny tranombakoka misy an'ilay modeliny, na "mandehandeha" ao amin'ilay tanàna namboariny, amin'ny alalan' ny ordinatera? Ho faly be angamba izy satria tsy very maina ny asa mafy nataony.

**VALIN'NY PEJY 30 SY 31**

**1.** Ombilahy atao fanatitra. **2.** Lafarinina. **3.** Siny misy divay. **4.** 4200. **5.** B.

INONA NO LAZAIN'NY BAIBOLY?

# Ahoana no Tokony Hivavahana?

VONINAHITRA lehibe ny mamboraka an' izay ao am-pontsika amin'ilay Mahery Indrindra. Tsy tena mahay mivavaka anefa ny olona maro. Ny hafa kosa te hanatsara ny vavaka ataony. Nanahy ny sasany tamin'ny mpanara-dia an'i Jesosy Kristy raha nety ny vavaka nataony na tsia, ka hoy ny iray taminy: "Tompo ô, mba ampianaro mivavaka izahay." (Lioka 11:1) Nanome modely azy ireo i Jesosy ary antsoina matetika hoe Vavaka Nampianarin'ny Tompo na ny Rainay Izay any An-danitra ilay vavaka. Manampy antsika hiresaka amin'Andriamanitra araka ny tokony ho izy, io vavaka kanto sy tsotra io, sady mampiharihary ny loha hevitry ny Baiboly.

### Ilay vavaka modely

Hoy i Jesosy: *"Koa mivavaha toy izao ianareo: 'Rainay izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao! Ho tonga anie ny fanjakanao! Hatao etỳ an-tany anie ny sitraponao, tahaka ny any an-danitra! Omeo anay anio izay hanina sahaza anay anio, ary mamelà ny helokay, tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ilay ratsy.' "*—Matio 6:9-13.

Mariho fa nilaza i Jesosy hoe: "Koa mivavaha *toy* izao ianareo." Tsy tian'i Jesosy hamerimberina teny na hanao tsianjery àry ny mpanara-dia azy. Vao avy nandrara azy ireo tsy hanao an'izany aza izy. (Matio 6:7) Nahariharin ny tamin'io vavaka io kosa izay tokony hatao loha laharana, izany hoe izay zava-dehibe amin' Andriamanitra fa tsy izay tiantsika. Ahoana no hahalalantsika an'izany? Andeha hodinihintsika ireo tenin'i Jesosy.

### Inona no tian'i Jesosy holazaina?

***"Rainay izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao!"*** Mety raha nantsoin'i Jesosy hoe 'Ray' Andriamanitra satria tia sy miaro antsika izy, toy ny ray tsara fanahy. Manana anarana koa izy, dia hoe Jehovah.* (Salamo 83:18) Tsy tokony hafangaro amin'ny anaramboninahiny hafa toy ny hoe Mahery Indrindra sy Andriamanitra ary Tompo izany. Nahoana anefa no tokony hohamasinina ny anarany, izay mahatafiditra ny lazany? Satria nalam-baraka izy io ary nisy nanaratsy.

Manome tsiny an'Andriamanitra ny olona sasany rehefa misy fahoriana. Mety ho ny olona ihany anefa no mahatonga izany, na mety ho sendra teo amin'ny toerana nitrangan'ny loza fotsiny izy. (Ohabolana 19:3; Mpitoriteny 9:11) Ny hafa kosa milaza fa Andriamanitra no mahatonga ny hetraketraky ny natiora. Milaza anefa ny Baiboly fa 'sady tsy azo tsapaina aminjavatra ratsy Andriamanitra, no tsy mitsapa na iza na iza amin'izany.' (Jakoba 1:13) Fivavahana maro koa no mampianatra fa sazin' Andriamanitra mandrakizay any amin'ny afobe ny ratsy fanahy. Tena manala baraka an'ilay Andriamanitra fitiavana izany fampianarana izany. (Jeremia 19:5; 1 Jaona 4:8) Milaza ny Romanina 6:23 fa "fahafatesana no tambin'ny ota" fa tsy fampijaliana mandrakizay.#

***"Ho tonga anie ny fanjakanao!"*** Fitondrampanjakana ny Fanjakan'Andriamanitra ary i Jesosy Kristy no Mpanjakan'izy io. Tsy ho ela izy dia hanjaka eran-tany. Hoy ny Daniela 7:14: "Nomena azy ny fitondrana sy ny voninahitra ary ny fanjakana." "Ho tonga" ny Fanjakan' Andriamanitra rehefa handamina ny olana mahazo ny olombelona sy hanafoana an'izay rehe-

---

* Miseho im-7 000 eo ho eo io anarana io tamin'ny Baiboly vao nosoratana, tamin'ny teny hebreo sy grika. Ny anaram-boninahitr'Andriamanitra anefa no hita amin'ny dikan-teny maoderina maro fa tsy ny anarany.

\# Toy ny "matory" na "tsy mahalala na inona na inona" ny maty ary miandry ny hananganana azy, fa tsy hoe mbola manohy miaina.—Jaona 5:28, 29; 11:11-13; Mpitoriteny 9:5.



***Izay zava-dehibe amin'Andriamanitra no tokony hataontsika loha laharana fa tsy izay tiantsika. Manampy antsika hanao izany ilay vavaka modely nampianarin'i Jesosy***

tra manohitra azy ary hanjaka eran-tany.—Daniela 2:44.

***"Hatao etỳ an-tany anie ny sitraponao, tahaka ny any an-danitra!"*** Hanao ny sitrapon' Andriamanitra ny olombelona rehefa hanapaka ilay Fanjakana. Hihavana tsara ny olona ary hivavaka amin'Andriamanitra araka ny fahamarinana. Tsy hisy intsony ny politika mampisara-bazana sy ny fivavahan-diso. Milaza ny Apokalypsy 21:3, 4 fa toy ny hoe ho "eo amin' ny *olombelona* ny tranolain'Andriamanitra" ary "hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny mason'izy ireo, ka tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy intsony ny alahelo na ny fitarainana na ny fanaintainana, fa efa lasa ny zavatra taloha."

***"Omeo anay anio izay hanina sahaza anay anio."*** Ny anaran'Andriamanitra sy ny Fanjakany aloha no noresahin'i Jesosy, vao niresaka momba ny zavatra ilaintsika izy. Nasehony fa tsy tokony hitady mihoatra an'izay ilaintsika "anio" isika. Tokony harahintsika izay lazain'ny Ohabolana 30:8 hoe: "Aza atao mahantra aho, nefa aza atao manankarena koa. Izay sakafo sahaza ahy no aoka hohaniko."

***"Mamelà ny helokay, tahaka ny namelanay izay meloka taminay."*** Trosa no dikan'ilay teny hoe 'heloka' eto. Tokony hankatò an'Andriamanitra isika rehetra. Toy ny hoe mitombo àry ny trosantsika rehefa tsy mankatò azy na manota aminy isika. Vonona hamela an'izany anefa i Jehovah raha mamela an'izay manota amintsika isika.—Matio 18:21-35.

***"Aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ilay ratsy."*** I Satana Devoly 'ilay ratsy' ary antsoina hoe "Mpaka fanahy" izy. (Matio 4:3) Mora manota isika satria tsy lavorary. Mila an'Andriamanitra àry isika mba hanoherana an'i Satana sy ny olona ampiasainy.—Marka 14:38.

Enga anie ka hanatsara ny vavaka ataonao io vavaka modely io. Mila manitsy an'izay ataonao loha laharana angamba ianao. Mampiharihary ny loha hevitry ny Baiboly koa io vavaka io. Inona izany? Asehon'ny tenin'i Jesosy fa ny Fanjakan'Andriamanitra no hanamasina ny anaran'Andriamanitra sy hanala ny faharatsiana rehetra ary hitondra fiadanana eto an-tany. Mirakitra harena sarobidy tokoa ilay vavaka modely nomen'i Jesosy!

**EFA NOERITRERETINAO VE IZAO:**

- **Inona no tian'i Jesosy holazaina rehefa niteny izy hoe: "Koa mivavaha toy izao ianareo"?—Matio 6:9.**
- **Inona no tokony horesahintsika voalohany rehefa mivavaka? —Matio 6:9, 10.**
- **Nahoana isika no tokony hamela ny helok'izay manota amintsika? —Matio 6:12.**



# AROVY NY MASONAO

Tsy vitan'ny hoe kanto ny maso fa manan-kery koa. Milaza ny boky *Mampiana-javatra ny Zavatra Hitan'ny Maso* (anglisy) fa "ny 40 isan-jaton'ireo selam-pitatitra mifampitohy amin'ny atidoha no mifandray amin'ny temimaso", izay tambatsela manify sy be pitsiny ao amin'ny maso.

Marina ny tenin'i Jesosy Kristy hoe "jiron'ny vatana" ny maso. Hoy izy mba hanazavana an'izany: "Raha tsotra [mifantoka amin-javatra tsara] ny masonao, dia hazava tsara ny tenanao manontolo, fa raha mifantoka amin'ny zava-dratsy kosa ny masonao, dia ho maizina ny tenanao manontolo." (Matio 6:22, 23) Nasongadin'i Jesosy tamin'ireo teny ireo fa manan-kery eo amin'ny eritreritra sy ny fihetseham-po ary ny atao ny maso. Mety hanazava na hanamaizina anao izay eritreretinao.

Diniho, ohatra, ilay tenin'i Jesosy ao amin'ny Matio 5:28, 29 hoe: "Izay rehetra tsy mitsahatra mijery vehivavy ka maniry hanao firaisana aminy, dia efa nanitsakitsabady tao am-pony sahady. Raha ny masonao havanana àry no mahatonga anao hanota, dia esory [tsy arabakiteny]." Inona no tiany holazaina? Mety hahatonga anao hanana fanirian-dratsy ny masonao raha tsy fehezinao. Mety hitarika anao haloto fitondran-tena izany, raha vao misy hirika, ka tsy hahazo sitraka amin'Andriamanitra intsony ianao.—Jakoba 1:14, 15.

Aleo lavitra mifehy tena, na dia mafy be toy ny manala maso iray aza izany. Fiainana mandrakizay ve dia hatakalo fahafinaretana kely vetivety?

Mahatonga antsika hanana faniriana tsy mety afa-po koa izay jerentsika. Mampitandrina antsika àry ny Baiboly hoe: "Ny fanirian'ny maso ... dia tsy avy amin'ny Ray fa avy amin'izao tontolo izao. Ary mandalo izao tontolo izao sy ny faniriany, fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay."—1 Jaona 2:16, 17.

Maneritery loatra ve ny Baiboly? Tsy izany mihitsy! Midi-kizo izay tsy miraharaha ny fitsipiky ny Baiboly ary tsy ho sambatra. (Galatianina 6:7, 8) Ho sambatra kosa isika raha mitandrina ny Tenin'Andriamanitra, anisan'izany izay teneniny momba ny maso. Nilaza i Jesosy fa ho sambatra "izay mihaino ny tenin'Andriamanitra ka mitandrina izany." (Lioka 11:28) Ho afaka hiaina mandrakizay eto an-tany koa izy ireo. Ireo manana maso ratsy sy maso tsy mety afa-po kosa tsy ho sambatra mihitsy ary ho faty.



# NY HAKANTON'NY KINTANA

EFA nisy fotoana ve ianao variana nijery kintana an'arivony amin'ny alina? Voamarikao angamba fa tsy mitovy ny hazavan'izy ireny sy ny lokony. Marina ny voalazan'ny Baiboly hoe: "Samy manana ny voninahiny ny kintana."—1 Korintianina 15:41.

Nahoana no tsy mitovy ny voninahitry ny kintana, izany hoe ny famirapiratany? Nahoana, ohatra, ny sasany no fotsy ary ny hafa manga na mavo na mena? Nahoana izy ireny no manjelanjelatra?

Mahamay be ny ao anatiny indrindra amin'ny kintana ary misy angovo be dia be. Mankeo amin'ny sosona ivelan'ny kintana izany angovo izany, ary lasa hazavana sy taratra eny amin'ny habakabaka. Mety hahagaga anao ny hoe manga ny kintana mahamay kokoa ary mena ireo tsy dia mahamay. Nahoana no tsy mitovy ny lokony?

Toy ny hoe singan-javatra be dia be manonja ny hazavana ary toy ny an'ny angovo ny toetoetran'ireo singa. Arakaraka ny halavan' ny onjany ny lokon'ny hazavana. Anisan'ny manana onja fohy ny loko manga, manana onja lava ny mena, ary mbola misy loko hafa eo anelanelan'ireo. Mahery ny angovo ao amin'ny kintana mahamay kokoa ary fohy ny onjam-pahazavany, ka manga ny lokony. Mena kosa ny kintana tsy dia mahamay satria malefaka kokoa ny angovony ary lava kokoa ny onjam-pahazavany. Latsaka eo afovoan' ireo ny lokon'ny masoandro satria eo anelanelan'ny maitso sy mavo ny ankabetsahan'ny hazavana avoakany. Tsy maitso anefa ny lokony fa fotsy satria mamoaka hazavana be dia be izy ary hita ao amin'izany hazavana izany ny loko rehetra.

### Manovaova ny lokon'ny masoandro ny atmosfera

Miovaova arakaraka ny fotoana ijerentsika azy ny fahitantsika ny masoandro, noho ny atmosfera. Mavo be, ohatra, izy amin'ny mitataovovonana. Toy ny mivolondaoranjy na mena kosa izy rehefa miposaka na milentika eny am-paravodilanitra. Gazy sy etona ary poti-javatra bitika eny amin'ny atmosfera no mahatonga izany.

Manaparitaka ny hazavana miloko manga sy volomparasy avy amin'ny masoandro ny atmosfera, ka izany no mahatonga ny lanitra ho manga be rehefa tsara ny andro. Rehefa miparitaka ireo loko taza-maso ireo, dia ny mavo sisa no tena hita amin'ny mitataovovonana. Tsy tonga mivantana etỳ amintsika kosa ny hazavan'ny masoandro rehefa eny amin'ny faravodilanitra izy, ary betsaka kokoa ny atmosfera lalovan'ilay hazavana. Mena be na mena antitra àry no fahitana azy satria efa miparitaka be ny hazavana manga sy maitso.

### Ny lokon'ny lanitra amin'ny alina

Ny maso no tena mamaritra ny fahitantsika ny lanitra amin'ny alina. Misy karazany roa ireo sela andalovan'ny hazavana mankao amin'ny maso. Mamantatra loko ny karazany

▲NASA, ESA, and the Hubble Heritage (STScI/AURA)-ESA/Hubble Collaboration



Kintana V838 Monocerotis



Vahindanitra mifandray Arp 273


iray nefa tsy miasa rehefa ao amin'ny maizina. Ilay karazany hafa kosa tsy dia mamantatra loko nefa mora mandray hazavana. Hitany na dia hazavana faran'izay kely ao anaty haizina mikitroka aza. Izay hazavana manana onja fohy anefa no mora hitan'io sela io, izany hoe ireo manakaikikaiky ny manga. Raha samy tsy dia mazava àry ny kintana manga sy mena, dia ny manga no ho mora hitan'ny masontsika. Soa ihany fa misy fitaovana ahafahana mijery azy ireny.

Manampy antsika ny masolavitra sy ny teleskaopy rehefa alina, ka hitantsika ireo zavatra manjavozavo eny amin'ny lanitra, toy ny kintana, vahindanitra, kintana manan-drambo, ary ny zavon-kintana. Mety hanova ny fahitantsika azy ireny anefa ny atmosfera. Namaha an'izany olana izany ny Teleskaopy Hubble, izay mihodina manodidina ny tany. Mahagaga io fitaovana namboarin'ny olombelona io satria ahafahana mahita zavatra tsy ho hitan'ny mason'olona mihitsy. Tena mahavariana ny zavatra hita any ambony tsy taka-maso any, noho io teleskaopy io. Anisan' izany ny vahindanitra sy ny zavon-kintana.

Efa mitovitovy amin'io teleskaopy io na tsara noho io aza izao ny teleskaopy vaovao etỳ amin'ny tany. Nahita fomba hialana

V838: NASA, ESA, and H. Bond (STScI); Arp 273: NASA, ESA, and the Hubble Heritage Team (STScI/AURA)

## NAHOANA NY KINTANA NO MANJELANJELATRA?



Ny fiovaovana eny amin'ny atmosfera no mahatonga ny kintana hanjelanjelatra, izany hoe toa miovaova kely ny fahitantsika ny hazavany sy ny toerana misy azy. Eritrereto, ohatra, hoe misy jiro kely mirehitra any amin'ny fanambanin'ny dobo filomanosana. Inona no mitranga rehefa mihetsiketsika ny rano? Manjelanjelatra ilay jiro, tsy misy hafa amin'ny kintana. Tsy dia manao toy izany anefa ilay jiro raha lehibe kokoa. Toy ireo jiro lehibe kokoa ny planeta. Lehibe no fahitana azy satria akaikin'ny tany kokoa izy ireny fa tsy hoe lehibe noho ny kintana akory.

amin'ny fanelingelenan'ny atmosfera, ohatra, ny astronoma rehefa nanamboatra teleskaopy vaovao. Mazava kokoa izy ireny sady ahitana tsipiriany kokoa noho ny Teleskaopy Hubble. Eo, ohatra, ilay teleskaopy Keck I, any Hawaii, izay anisan'ny teleskaopy lehibe indrindra eran-tany. Tamin'izy io i Peter Tuthill, astronoma ao amin'ny Oniversiten'i Sydney, no nahita vovobovoka navoakan'ny kintana kambana ao amin'ny antokon-kintana Sagittaire, izay any akaikin'ny ivon'ny Vahindanitra Mivolondronono rehefa tazanina avy etỳ an-tany.

Mihabetsaka ny kintana sy vahindanitra hitan'ny astronoma, arakaraka ny handinihany ny any ambony tsy taka-maso any. Firy izy ireny? Tsy tena fantatsika izany saingy fantatr'i Jehovah Andriamanitra Mpamorona. Hoy ny Salamo 147:4: "Manisa ny kintana izy, ary antsoiny amin'ny anarany avy izy rehetra."

Mitovitovy amin'izany izay nolazain'i Isaia mpaminany. Mifanaraka amin'ny siansa izay nolazainy rehefa nilaza izy fa ny herin'Andriamanitra no nanaovana an'izao rehetra izao. Hoy izy: "Asandrato ny masonareo, ka mijere! Iza no nahary ireny zavatra ireny? Tsy iza fa Ilay toy ny mpitari-tafika izay mibaiko an' ireny araka ny isany, sy miantso azy rehetra amin'ny anarany avy. Noho Izy manana tanjaka sy hery lehibe, dia tsy misy banga ireny."—Isaia 40:26.

Efa 2 700 taona teo ho eo izay i Isaia no nanoratra an'ireo. Ahoana anefa no nahalalany fa ny hery lehiben'Andriamanitra no nampisy an'izao rehetra izao? Azo antoka fa tsy heviny samirery izany fa nahazo ny herin'ny fanahy masin'i Jehovah izy. (2 Timoty 3:16) Fantatr'i Isaia sy ireo olon-kafa nanoratra ny Baiboly hoe iza ilay nahatonga ny kintana ho tsara tarehy. Tsy voazavan'ny teleskaopy sy ny boky momba ny siansa izany.

J. Hester and P. Scowen (AZ State Univ.), NASA ▶

## TENA IZY VE NY LOKONY?


Mety ho efa nahita sarina vahindanitra sy zavon-kintana ary kintana tsara tarehy sy miloko avy amin'ilay Teleskaopy Hubble ianao. Tena izy ve anefa ny lokon'izy ireny? Namboarin'ny mpahay siansa ireny zava-kanto ireny, raha ny marina. Mainty sy fotsy ihany no lokon'ny sary azon' io teleskaopy io saingy misy fitaovana apetraky ny manam-pahaizana ao aminy mba hampisy loko hafa amin'ilay sary. Mampiasa fomba maoderina sy programan'ordinatera ny astronoma sy ny mpanao sary matihanina mba hahazoana ny sary farany. Ataony mitovy amin' izay heveriny fa mety ho tena lokon'ilay zavatra eny amin'ny lanitra izany indraindray.* Fanahy inian'ny astronoma ovana anefa ireo loko, indraindray, mba hanasongadinana zavatra sasany, ohatra hoe misy zavatra sasany tiany hanaovana fikarohana.




*Mainty sy fotsy*

* Ireo sela mora mandray hazavana, ao amin'ny maso, ihany no miasa rehefa mampiasa teleskaopy isika mba hijerena zavatra maizimaizina eny an-danitra.


*Mena*



*Maitso*



*Manga*





*Sary farany, rehefa natambatra ireo loko telo*

## MANONTANY NY TANORA HOE...

# Ahoana re no hampahafinaritra ny fianarako Baiboly e?



**Maninona moa ianao no mila mianatra Baiboly? Eritrereto izao:**




**Mirakitra *zava-tsarobidy* io boky be mpividy indrindra io, satria**

- **Manampy anao hanana ny fiainana tsara indrindra**
- **Mampahafantatra anao ny hoavy sy ny lasa. Tsy misy fomba hafa ahalalanao an'izany**
- **Manampy anao hahalala ny toetranao sy hanana toetra tsara**[*]

ILANA ezaka ny mianatra Baiboly nefa tena andraisan-tsoa. Tian'ny tanora toa anao ny mianatra Baiboly samirery ary mandray soa izy ireo na dia eo aza ny olana. Tianao ho fantatra ve izay nataony? Hetezo sy aforeto àry ny pejy manaraka.

*"Tsy tapitra mihitsy ny zavatra azo ianarana ao amin'ny Baiboly ka misy ho an'ny tsirairay."* —*Valisoa.*[#]




Hita ao amin'ny *Mifohaza!* hafa koa ny andian-dahatsoratra "Manontany ny Tanora"

* Miresaha amin'ny Vavolombelon'i Jehovah eny akaikinareo na manorata any amin'ny adiresy iray eo amin'ny pejy 5, raha tianao ho fantatra hoe ahoana no ahavitan'ny Baiboly an'izany rehetra izany.

\# Novana ny anarana sasany ato amin'ity lahatsoratra ity.

# SOSO-KEVITRY NY TANORA TOA ANAO



**Zachary:** *Tsy izay ianaran'ny ray aman-dreninao na ny olon-kafa fotsiny no tokony hianaranao. Tena fianarana samirery ilay izy raha zavatra tianao no ianaranao.*



**Kaley:** *Ataovy kelikely aloha ilay fianarana. Tsy maninona na 5 minitra aza no anananao, fa ataovy isan'andro. Azonao ampitomboina tsikelikely izany, avy eo, ohatra hoe 10 minitra, 15 minitra... Ho tianao ilay izy amin'ny farany.*



**Daniela:** *Zavatra kely koa dia efa mety hampahafinaritra an'ilay izy. Makà stylo vitsivitsy sy kahie kely mahafatifaty, na mamorò̀na rakitra ao amin'ny ordinateranao, dia ataovy hoe Fianarana Samirery ny anaran'ilay izy.*



**Jordan:** *Mahavita mianatra ela kokoa aho raha zavatra tiako no ianarako. Mila toerana milamina koa aho. Tsy mahavita mianatra aho raha vao misy tabataba.*



# FOMBA IANARANA BAIBOLY

**Olana:**
**TSY MAZOTO**

*"Izaho aloha tsy hahavita hipetraka hianatra mandritra ny adiny iray e!"—Fitia.*

Inona no ilainao?
**FAMPIRISIHANA**

Tsy ho tianao ny hianatra Baiboly raha tsy fantatrao izay tombony ho azonao avy amin'izany. Te ho naman'Andriamanitra ve, ohatra, ianao? Sa te hahafantatra bebe kokoa ny dikan'ny zava-mitranga eran-tany? Sa te hanatsara ny toetranao? Hanampy anao amin'izany ny Baiboly, ary hanampy anao amin'ny zavatra hafa koa.

*"Aza eritreretina hoe hoatran'ny asa ilay izy na hoatran'ny mianatra any am-pianarana. Eritrereto kosa hoe ho akaiky an'i Jehovah Andriamanitra, ilay Namanao tsara indrindra, ianao raha mianatra Baiboly."—Iaro.*

*"Fotoana manokana iarahanao amin'i Jehovah Andriamanitra ny fotoana ianaranao. Ahoana raha tsy miaraka amin'ny olona iray ianao raha tsy eo ny ray aman-dreninao? Tena namanao ve ilay olona sa naman'ny ray aman-dreninao fotsiny? Ho lasa namanao i Jehovah raha* ***ianao*** *mihitsy no mianatra samirery."—Beby.*

**Tadidio izao:** "Ny Soratra Masina iray manontolo dia avy amin'ny herin'ny fanahy masin'Andriamanitra, ary mahasoa mba hampianarana, hananarana, hanitsiana izay diso, hanafaizana araka ny fahamarinana." (2 Timoty 3:16) Hahasoa anao amin'ireo lafiny ireo ny Baiboly.

*"Miezaka hifantoka amin'ny soa ho azoko aho. Manampy ahy ny fianarana, raha misy tokony hihatsarako."—Mija.*

**Eritrereto izao:**
**Inona no handrisika *anao* hianatra?**

**Olana:**
**LEO**

*“Manomboka reraka aho rehefa afaka 10 minitra. Te hanao zavatra hafa aho rehefa afaka 20 minitra. Leo be aho rehefa afaka 30 minitra.” —Allison.*

Inona no ilainao?
## MAMORON-KEVITRA

Mitadiava hevitra ka diniho hoe inona no hianaranao, ahoana no hanaovanao azy, ary aiza ianao no hianatra.

*“Makà fotoana hikarohana ny valin’ny fanontanianao. Ho afa-po ianao, ary ho faly mihitsy aza, raha izay noeritreretinao no ianaranao.”—Tahina.*

*“Rehefa mamaky tantara ianao, dia ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ohatra hoe mpilalao fototra na mpitazana. Ataovy toy ny hoe mahita an’ilay zava-mitranga ianao.”—Steven.*

*“Ataovy mahafinaritra ilay izy. Mipetraha eny an-tokotany ary mitondrà ranom-boankazo. Tiako ny mihinankinan-javatra rehefa mianatra. Iza no tsy ho tia an’izany?”—Sariaka.*

**Tadidio izao:** Eritreritrao fotsiny ilay hoe leo ianao fa tsy voatery hoe marina izany. Aza mieritreritra àry hoe ny *fianarana* no mankaleo. *Ianao* fotsiny no leo. Diniho tsara ny fomba fihevitrao. Ho hainao izay ao an-tsainao, amin’izay, ary ho vitanao ny hanitsy an’izay tsy mety.—Ohabolana 2:10, 11.

*“Tsy voatery hankaleo ny mianatra samirery. Ianao ihany no mamaritra hoe tianao ho hoatran’ny ahoana ilay izy.” —Vanessa.*



**Eritrereto izao:**
**Inona no hevitra hitanao hoe hanampy *anao* rehefa mianatra?**

**Olana:**
**TSY MANAM-POTOANA**

*“Te hianatra Baiboly bebe kokoa aho. Be atao be anefa aho ka sarotra ny mahita fotoana hanaovana an’ilay izy.”—Maria.*

Inona no ilainao?
## MANAO AN’IZAY ZAVA-DEHIBE KOKOA

Hita hoe mihamatotra ianao rehefa mahay ‘mamantatra tsara izay zava-dehibe kokoa.’ —Filipianina 1:10.

*“Nampisaintsainin’i Neny aho hoe tsy hanana fotoana fanampiny mihitsy, fa izaho no mila mitady fotoana ianarana. Nahita fotoana aho rehefa niezaka ho tia an’ilay izy.”—Nathalie.*

*“Nahatsapa aho rehefa nihalehibe fa tsy maintsy manokana fotoana ianarana ary manaja an’ilay fotoana, na inona na inona mitranga.”—Navalona.*

*“Vao mainka ho tianao ny mianatra raha mianatra ianao vao miala voly. Tsy hanenjika anao koa ny eritreritrao avy eo.”—Diana.*

**Tadidio izao:** Tsy hahavita an’izay tianao hatao mihitsy ianao, raha tsy mametra an’izay zava-dehibe kokoa. Miezaha àry hitady fotoana ianarana.—Efesianina 5:15, 16.

*“Mpianatry ny lise aho ka be atao. Ataoko anefa izay hahitana fotoana ianarana Baiboly samirery.”—Josia.*

**Eritrereto izao:**
**Inona no fotoana azonao atokana mba hianarana?**



# Ny Fahaizan'ny Fanenitra Mpanao Taratasy



● Nahoana no lazaina fa mpanorina mahay ny fanenitra mpanao taratasy?

**Diniho izao:** Manamboatra karazan-taratasy manokana io fanenitra io, mba hanamboarana sy hikojakojana ny tranony.* Mandeha eny rehetra eny ilay bibikely, ohatra hoe eny amin'ny tapatapa-kazo, fefy, pôtô, na fitaovana fanamboaran-trano mba hanangona tsiratsira-kazo sy tsiratsira-javamaniry. Tsakotsakoiny izany ary afangarony amin'ny rorany be proteinina. Lasa taratasy maivana sy mafy izany rehefa maina. Miavaka ny roran'io bibikely io ka mahatonga an'ilay taratasy hitroka ny hafanana be loatra sy hamoaka an' izany rehefa mangatsiaka. Antonona foana àry ny hafanana ao an-tranony rehefa mangatsiaka ny andro.

Ny vavany no ampiasain'ilay fanenitra mba hanamboarana tsikelikely ny tranony. Tsy tantera-drano izy io rehefa vita ary ahitana efitrefitra mitambatambatra maro be misy zorony enina, izay manamafy sy mampahalalaka an'ilay tranony. Mampiasa rora betsaka kokoa ny fanenitra mipetraka any amin'ny toerana mandomando, satria misy fangaron-javatra tsy tantera-drano ao amin'ny rorany. Mifidy toerana voaro tsara ilay bibikely, ary eo no ahantony ny tranony. Tsy mitovy amin'ny fanamboaran'ny olona taratasy ny fanamboaran'ilay fanenitra taratasy, satria tsy mandoto ny rivotra sy ny rano ary ny tany.

Tsy mahagaga raha mandinika ny zava-bitan'ilay fanenitra ny mpanao mari-trano sy ny mpikaroka, mba hanamboarana fitaovana fanorenana avo lenta, maivana, mafy, tsy mora tapaka, ary tsy manimba ny tontolo iainana.

**Ahoana ny hevitrao?** Bibikely manana atidoha toy ny voam-pasika roa ve dia hahavita samirery hanamboatra taratasy hanaovany trano? Sa porofoin'ny fahaizany fa nisy namorona izy?

---

* Maro ny karazana fanenitra manao trano taratasy. Misy efitrefitra ao amin'ny tranony ary ao no ametrahany an'ireo atodiny lasa olitra.



# Mety ve ny Mitsako **Maintim-bazana?**

ERITRERETO hoe any amin'ny faritra atsimon'i Azia ianao. Iny fa misy olona mitsiky ary hitanao hoe mainty be ny nifiny sady feno rora menamena ny vavany. Mandrora izy ary mamela tasy mena maharikoriko eny amin' ny tany. Hay izy mitsako maintim-bazana (na voan'ny foroforo).

Olona an-jatony tapitrisa, izany hoe ny ampahafolony eo ho eo amin'ny mponina erantany, no mitsako maintim-bazana. Ahitana azy ireo any Afrika Atsinanana, Pakistan, Inde, Azia Atsimoatsinanana, ary hatrany Papouasie-Nouvelle-Guinée sy Mikronezia. Mivarotra maintim-bazana eny an-tsena sy eny an-dalana ny olona, ary miaraka amin'ny zanany indraindray. Misy mpivarotra mampiasa jiro sy ankizivavy zara raha mitafy mba hanintonana mpividy.

Mampidi-bola an'arivony tapitrisa dolara isan-taona ny maintim-bazana, eran-tany. Inona anefa ny maintim-bazana? Nahoana no be dia be no mitsako azy io? Inona no vokatr'izy io eo amin'ny fahasalamana? Inona no lazain' ny Baiboly momba ny fitsakoana azy? Ahoana no hialana aminy?

### Inona ny maintim-bazana?

Voa avy amin'ny karazana palmie iray fahita any Pasifika sy Azia Atsimoatsinanana ny maintim-bazana. Fonosin'ny olona amin'ny ravin' ny karazan-kazo hafa iray ilay voa ary ampiany vovoka sokay kely mba hampivoaka kokoa an' ilay zavatra manaitaitra vatana. Asian'ny olona sasany zavamanitra na paraky na zava-mamy koa izy io, mba hampisy tsirony kokoa azy.

Mahabe rora sy mahamena rora io fangaronjavatra io. Mandrora lava àry ny mpitsako azy. Misy aza mandrora avy eny ambony fiara mandeha, ka mety hahavoa olon-kafa.

### Manimba tena

Milaza ny gazety *Fahasalaman'ny Ativava* (anglisy) fa 'efa ela be ny olona no nampiasa maintim-bazana, ary tena nanan-danja teo amin'ny fiaraha-monina sy ny kolontsaina izy io, ary na teo amin'ny fivavahana aza. Matetika ireo mpitsako azy no mihevitra hoe tsy mampidi-doza izy io, fa mampahazoazo aina sy mahasambatsambatra ary mampahafanafana vatana kosa. Hita anefa fa tena mampidi-doza izy io.' Nahoana?

Mino ny sampan-draharaha miady amin'ny zava-mahadomelina fa misy zavatra manandevo ao amin'ny maintim-bazana. Misy mitsako maintim-bazana 50 mahery isan'andro. Vetivety dia maloto ny nifiny ary marary ny hihiny. Milaza ny *Fahasalaman'ny Ativava* fa mety ho lasa mena mivolontany ny hoditry ny ativava ary matetika no miketrona. Mety hisy "holatra hiforona tsikelikely" koa ao.

Mahavoan'ny kanseran'ny ativava sy fara tenda koa ny maintim-bazana. Manaporofo an' izany ny habetsahan'ny olon-dehibe voan'ny kanseran'ny ativava any Azia Atsimoatsinanana. Mpitsako maintim-bazana, ohatra, ny 85 isan-jato eo ho eo amin'ny olona voan'ny kanseran'ny ativava, any Taïwan. Hoy ny gazety



***Maintim-bazana nofonosina ravinkazo***



iray any Chine: "Anisan'ny aretina 10 tena mahafaty an'ireo mponin'i Taïwan ny kanseran'ny ativava, ary nitombo avo efatra heny eo ho eo ny isan'ny olona voan'izy io, tato anatin'ny 40 taona."

Toy izany koa ny any an-tany hafa. Hoy ny gazety iray any Papouasie-Nouvelle-Guinée: 'Voalazan'ny fikambanana iray momba ny fahasalamana fa olona 2000 isan-taona, fara fahakeliny, no matin'ny maintim-bazana, izay tena tian'ny mponin'i Papouasie-Nouvelle-Guinée, nefa mahatonga aretina maro.' Milaza ny dokotera mpanoratra iray fa "maro ny vokatry ny fitsakoana maintim-bazana ary mitovy isa amin'ny vokatry ny fifohana sigara izany, fara fahakeliny." Mahatonga aretim-po koa izany.

### Inona no lazain'ny Baiboly?


Tsy boky momba ny fitsaboana ny Baiboly ary tsy miresaka mivantana momba ny fihinanana maintim-bazana. Misy toro lalana isan-karazany kosa ao ary afaka manampy antsika hadio sy ho salama kokoa ary hanana fiainana tsara kokoa izany. Diniho ireto andinin-teny sy fanontaniana ireto.

**'Ry malala, aoka isika hanadio ny tenantsika ho afaka amin'ny zava-drehetra mandoto ny nofo sy ny saina, ka hanao izay hahatonga lafatra ny fahamasinana ao amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra.'** (2 Korintianina 7:1) **'Atolory ny tenanareo ho sorona masina sy ankasitrahan'Andriamanitra.'** (Romanina 12:1) Ho masina na hadio eo imason'Andriamanitra ve ny olona mitsako maintim-bazana ka mandoto ny vatany?

**"[Andriamanitra] no ivelomantsika."** (Asan' ny Apostoly 17:28) **"Avy any ambony ny fanomezana tsara rehetra sy ny fanomezana tonga lafatra rehetra."** (Jakoba 1:17) Fanomezana sarobidy avy amin'Andriamanitra ny aina. Azo lazaina hoe manaja azy io ve ianao raha manao izay hampaharary anao?

**"Tsy misy mahay manompo tompo roa."** (Matio 6:24) **"Tsy havelako hofehezin-javatra na inona na inona ny tenako."** (1 Korintianina 6:12) Tokony hanaiky handevozin'ny fanao maloto ve ireo te hampifaly an'Andriamanitra?

### Mety hahatonga an'ireto ny fitsakoana maintim-bazana



Nify maloto sy hihy marary

Aretin'ny ativava

Kanseran'ny ativava

**"Tiavo ny namanao tahaka ny tenanao."** (Marka 12:31) **"Ny fitiavana tsy manisy ratsy ny namana."** (Romanina 13:10) Tena tia ny hafa ve isika raha manao zavatra mahatsiravina azy sy mankarary azy, izany hoe mandrora menamena eny an-dalana sy eny rehetra eny?

'Izay afafintsika ihany no hojinjaintsika.' (Galatianina 6:7, 8) Hahita loza isika raha mbola zatra manao zava-dratsy. Handray soa kosa isika sady ho tena sambatra foana raha

miaina araka izay nanirian'Andriamanitra azy, anisan'izany ny hoe zatra manao zavatra tsara. Inona anefa no azonao atao raha zatra mitsako maintim-bazana ianao nefa tianao hihatsara ny fiainanao ka miezaka manao izay mahitsy eo anatrehan'Andriamanitra ianao? Mivavaha ary diniho ireto dingana telo ireto, izay efa nahasoa ny hafa.

### Ahoana no hialana amin'ilay izy?

**1. Manàna risi-po.** Olona maro no mikiry mitsako maintim-bazana sy mifoka sigara ary midoroka zava-mahadomelina nefa efa fantany tsara fa mety hankarary sy hahafaty azy izany. Tokony hisy antony lehibe kokoa handrisika anao hiala amin'ny fahazaran-dratsy iray àry, ankoatra ny hoe manimba fahasalamana ilay izy. Ho vonona kokoa hiala ianao raha mianatra Baiboly ka mandinika momba ny Mpamorona sy ny fitiavany anao. Hoy ny Hebreo 4:12: "Velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra."

**2. Mangataha fanampiana amin'Andriamanitra.** Hoy i Jesosy Kristy: "Mangataha foana dia homena ianareo, mitadiava foana dia hahita ianareo, dondòny foana dia hovohana ianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo, ary izay rehetra mitady no mahita, ary izay rehetra mandondòna no hovohana." (Lioka 11:9, 10) Tsy hanao tsinontsinona anao i Jehovah, ilay tena Andriamanitra, raha mivavaka amin'ny fo ianao ka mangataka fanampiana sy hery avy aminy. Hoy ny 1 Jaona 4:8: "Andriamanitra dia fitiavana." Nahatsapa an'izany ny apostoly Paoly, ka hoy izy: "Manana ny hery hiatrehana ny toe-javatra *rehetra* aho, amin'ny alalan'ilay manome hery ahy."—Filipianina 4:13.

**3. Mitadiava fanampiana amin'ny hafa.** Mety hahatonga anao hanao ny tsara na ny ratsy ny olona ifaneraseranao. Hoy ny Ohabolana 13:20: "Ho hendry izay miaraka amin'ny hendry, fa hahita loza kosa izay minamana amin'ny tsisy saina." Fidio tsara àry ny namanao. Maro ny Vavolombelon'i Jehovah efa nitsako maintim-bazana. Nahavita niala tamin'ilay fahazaran-dratsy anefa izy ireo, rehefa nifanerasera tamin'ny mpiray finoana taminy sy nianatra Baiboly.


Betty


Pauline


Wen-Chung


Jiao-Lian


Sam





## AFAKA IZY IREO

Nanadinadina olona dimy mpitsako maintim-bazana ny *Mifohaza!* Efa afaka izy ireo izao ary diniho izay nolazainy.

**Inona no nahatonga anao hitsako maintim-bazana?**

***Pauline:*** Nomen'ny ray aman-dreniko maintim-bazana aho tamin'izaho mbola kely. Efa fanao atỳ aminay atỳ Papouasie-Nouvelle-Guinée izany.

***Betty:*** Nomen'i Dada maintim-bazana aho tamin'izaho roa taona. Zatra nitondra maintim-bazana be dia be aho rehefa nihalehibe, ka hoatran'ny hoe maintim-bazana mandehandeha. Efa zatra loatra aho ka vao mifoha dia efa nitsako.

***Wen-Chung:*** Nanomboka nihinana maintim-bazana aho tamin'izaho 16 taona, satria te ho tian'ny hafa. Ilay izy tsinona be mpitia ary hoatran'ny mba efa lehibe ianao rehefa mihinana azy.

***Jiao-Lian:*** Mpivarotra maintim-bazana aho. Izay tsara karazana foana no tsy maintsy namidiko mba hampandeha ny tsena. Nanomboka nanandrana àry aho ka lasa zatra.

**Inona no vokatr'izy io teo amin'ny fahasalamanao?**

***Jiao-Lian:*** Lasa menamena ny vavako sy ny nifiko ary ny molotra. Menatra aho mijery ny sariko taloha. Mbola misy fery koa ny molotra hatramin'izao.

***Pauline:*** Matetika aho no nisalebolebo sy nivalana ary nisy fery ny vavako.

***Betty:*** Tena nahia aho satria 35 kilao monja. Ratsy be ny nifiko ary matetika no nokikisako tamin'ny vy.

***Sam:*** Nivalana matetika sy narary hihy aho. Nokikisako tamin'ny vy ny nifiko nefa toa tsy dia nanatsara zavatra izany. Iray sisa ny nifiko izao.

**Nahoana ianao no tsy nihinana intsony?**

***Pauline:*** Novakiko tao amin'ny 2 Korintianina 7:1 fa tian'Andriamanitra "hanadio ny tenantsika ho afaka amin'ny zava-drehetra mandoto ny nofo" isika. Tapa-kevitra àry aho fa hiezaka mafy hampifaly ny Mpamorona.

***Sam:*** Te hahazo ny fanahy masin'i Jehovah Andriamanitra aho, ka nivavaka mba hanampiany ahy tsy hihinana maintim-bazana intsony. Novaliany ny vavako, ka efa 30 taona teo ho eo aho izao no afaka.

***Jiao-Lian:*** Namaky Baiboly aho ka nahita an'ilay teny hoe: "Diovy ny tananareo, ry mpanota." (Jakoba 4:8) Nisy vokany tamiko io baiko io. Dia mbola hitsako sy hivarotra maintim-bazana ve aho nefa efa fantatro hoe manimba ilay izy? Nanomboka teo aho dia tapa-kevitra ny 'hanadio ny tanako' ho afaka amin'io fanao maloto sy manimba ny fifandraisako amin'Andriamanitra io.

**Inona ny soa noraisinao?**

***Wen-Chung:*** Nitsako maintim-bazana aho mba ho tian'ireo mitovy taona amiko. Mana-namana tsara lavitra noho izy ireo anefa aho izao, dia i Jehovah sy ireo mpiray finoana amiko.

***Sam:*** Mifandray tsara kokoa amin'Andriamanitra aho izao ary salama kokoa. Mahavita mikarakara kokoa ny fianakaviako aho satria tsy mandanilany vola amin'ny zavadratsy.

***Pauline:*** Afaka aho izao sady madio. Fotsy sy mafy ny nifiko. Tsy misy hoditra maintim-bazana intsony ao an-trano sy eny an-jaridaina sady tsy ahitana tasy mena maharikoriko.

***Betty:*** Madio ny eritreritro ary salama kokoa aho. Sady mpampianatra aho izao no mpitory manontolo andro.




# AHOANA NO NAHATONGA **NY TENY ARABO** HO FITENIN'NY AVARA-PIANARANA?

TENY arabo no fampiasan'ny avara-pianarana, nandritra ny taonjato maro. Nanomboka tamin'ny taonjato fahavalo, dia nadikan' ireo manam-pahaizana miteny arabo sy nahitsin'izy ireo ny lahatsoratra momba ny siansa sy filozofia tamin'ny andron-dry Ptolémée sy Aristote. Voatahiry sy nihatsara àry ny asa soratr'ireo filozofa fahiny.

### Fomba fisainana mifangaro

Nisy tarana-mpanjaka roa nipoitra tany amin'ny faritra manodidina ny Ranomasina Mediterane tamin'ny taonjato fahafito sy fahavalo, dia ny Omeyyades sy ny Abbassides. Nanan-kery teo amin'ny vahoakan'izy ireo tany Arabia, Azia Minora, Ejipta, Palestina, Persa, ary Irak ny Grika sy ny Indianina ka betsaka ny haren-tsaina azon'ireo mpanjaka notrandrahina. Nataon'ny Abbassides renivohiny i Bagdad ka nifangaro tao ny fomba fisainana samihafa. Nifangaro tamin'ny Arabo tao ny Armenianina, Berbères, Sinoa, Coptes, Grika, Indianina, Jiosy, Persianina, Tiorka, Sogdiane, ary hatramin'ireo avy any amin'ny Reniranon'i Oxus, na Amou-Daria, any Azia Afovoany. Niaraka nianatra sy niady hevitra momba ny siansa izy ireo, ka nampifangaro ny fahaizany sy ny kolontsainy.

Nampirisihin'ireo Abbassides mpitondra tao Bagdad hampitombo ny fahalalana tao amin'ilay fanjakana ny avara-pianarana, na avy aiza izy na avy aiza. Nisy ezaka natao mba hanangonana sy handikana boky ho amin'ny teny arabo. An'aliny izy ireny ary miresaka momba ny foto-kevitra samihafa, toy ny filozofia, fitsaboana, fizika, matematika, mozika, ary simia.

Naniraka solontena tany Byzance i al-Manṣūr, mpanjaka silamo tamin'ny taona 754 ka hatramin'ny 775, mba haka lahatsoratra grika momba ny matematika. Nanao toa azy koa i al-Ma'mūn Mpanjaka (813-833) ka nampandika asa soratra grika ho amin'ny teny arabo. Naharitra 200 taona mahery izany tetikasa izany. Efa ho ny lahatsoratra grika rehetra momba ny filozofia sy siansa no voadika ho amin'ny teny arabo, tamin'ny faran'ny taonjato fahafolo. Tsy nandika teny fotsiny anefa ny manam-pahaizana arabo fa nanoratra boky koa.

### Boky arabo

Maro ny mpandika teny arabo nahavita asa haingana sy araka ny marina tsara. Misy mpahay tantara àry nilaza hoe tsy maintsy ho nahay tsara an'ilay foto-kevitra ireo mpandika teny. Manam-pahaizana maro koa no nampiasa boky efa voadika rehefa nanao fikarohana.

*Sarina maso, nataon'i Ḥunayn ibn Isḥāq*





*Pejy iray tao amin'ny "Fitsipika Mifehy ny Fitsaboana", nosoratan'i Avicenne*

Nahatonga ny olona hahalala bebe kokoa momba ny maso, ohatra, ilay dokotera sady mpandika teny atao hoe Ḥunayn ibn Isḥāq (808-873), izay Kristianina syriàka. Nahitana kisarisary momba ny maso ny asa sorany ary lasa nampiasaina tamin'ny fitsaboana maso, tany amin'ny tany arabo sy tany Eoropa. Nanoratra boky maromaro momba ny foto-kevitra samihafa ilay filozofa sady dokotera atao hoe Ibn Sīnā na Avicenne (980-1037). Miresaka momba ny fitsipi-pitondran-tena sy ny lojika ary ny fitsaboana sy ny zavatra hita maso ny bokiny. Naka hevitra avy amin'ny fitsaboana fantatra tamin'izany izy ao amin'ilay bokiny hoe *Fitsipika Mifehy ny Fitsaboana,* izay ahitana ny hevitry ry Galien sy Aristote, filozofa grika malaza. Nampiasaina tamin'ny fitsaboana io boky io, nandritra ny 400 taona teo ho eo.

Tena nampandroso ny siansa ny fanaovana andrana. Nanomboka nanao andrana koa ny Arabo mpikaroka ka namerina nikajy ny savaivon'ny tany ary nanitsy ny fanazavan'i Ptolémée momba ny tany. Nilaza i Paul Lunde, mpahay tantara, fa "sahin'izy ireo mihitsy aza ny nanohitra ny fanazavan'i Aristote."

Nihanahay ny olona, ary hita taratra teo amin'ny sehatra maro izany. Nanorina fitehirizan-drano sy lakan-drano ary milina ahodin-drano, ohatra, izy ireo, ary mbola misy hatramin'izao ny sasany aminy. Afaka nifidy an'izay masomboly tena mety amin'ny toerana iray koa ny mpamboly, noho ireo boky vaovao momba ny fambolena sy ny zavamaniry. Nitombo àry ny vokatra.

Nanorina ny hopitaly voalohany tao amin'ny fanjakany i Harun Al-Rachid, tamin'ny taona 805. Tsy ela dia nisy hopitaly ny tanàn-dehibe rehetra tao amin'ny faritra nofeheziny.

### Foibem-pampianarana vaovao

Nahitana tranomboky sy toeram-pianarana manokana ny tanàna arabo maro.

Sarina maso: © SSPL/Science Museum/Art Resource, NY; *Fitsipika Mifehy ny Fitsaboana:* © The Art Gallery Collection/Alamy

Nanorina foibem-pikarohana sy toerana fandikan-teny tao Bagdad i al-Ma'mūn Mpanjaka. Nantsoina hoe Bait al-Hikma, izay midika hoe "Tranon'ny Fahendrena", izany. Nisy manampahaizana nokaramaina hiasa tao. Voalaza fa nisy boky iray tapitrisa mahery tao amin'ny tranomboky lehibe iray tany Le Caire. Nisy tranomboky 70 koa tao Cordoue, renivohitr'i Espaina tamin'ny fitondran'ny Omeyyades. Tonga tany ny manam-pahaizana sy ny mpianatra nanerana ny tany arabo. Foibem-pampianarana nandritra ny roanjato taona mahery i Cordoue.

Matematika avy tany Inde sy matematika grika no nampiasaina tany Persa. Ireo mpahay matematika tany Inde no namorona ny fampiasana ny tarehimarika zero sy ny toeran'ny tarehimarika. Miova ny isa asehon'ireo tarehimarika arakaraka ny toeran'ireo tarehimarika sy ny toeran'ny zero. Mety ho iray, ohatra, ny tarehimarika 1, nefa mety ho lasa folo na zato, na ny toy izany. Milaza i Lunde fa "nanamora ny fikajiana isan-karazany" io fomba fanisana io "sady nampivoatra ny alzebra." Nandroso be koa ny jeometria sy ny fikajiana zoro ary ny fijerena lalana, noho ireo manam-pahaizana arabo.

Nisy fotoana tena niroboroboan'ny siansa sy matematika tany amin'ny tany arabo, nefa tsy toy izany ny tany an-kafa. Niezaka nitahiry ny asa soratr'ireo manam-pahaizana fahiny koa ny tany Eoropa teo anelanelan'ny taona 500 sy 1500 tany ho any, indrindra ireo tany amin'ny monasitera. Tsy dia nisy vokany anefa izany raha ampitahaina amin'ny ezaka nataon'ireo Arabo. Niova kosa ny toe-javatra taoriana kelin'ny taona 900 rehefa niditra tsikelikely tany Andrefana ny asa soratr'ireo manam-pahaizana arabo. Nihaniparitaka izy ireny ka lasa niroborobo tany Eoropa koa ny siansa.

Rehefa jerena tokoa ny tantaran'izao tontolo izao, dia tsy misy firenena na olona afaka milaza ho nahatonga ny hafa hanana fahalalana momba ny siansa sy ny toy izany. Maro amin'ny fahalalana ananantsika ankehitriny no vokatry ny fisainan'ny olona fahiny. Tia nikarokaroka sy nanadihady momba an'izay efa ninoan'ny olona izy ireo ary nandrisika ny hafa hieritreritra.



© Scala/White Images/Art Resource, NY

***Manam-pahaizana arabo, ao amin'ny tranomboky iray any Basra tamin'ny 1237***

## Tanora Mpitarika any Malezia

Nisy fifaninanana malaza tany Kuala Lumpur, any Malezia, ary nalefa tele. Natao hifidianana mpitondra fivavahana silamo izy io, ary nantsoina hoe "Imam Muda", na "Tanora Mpitarika." Eo anelanelan'ny 18 sy 27 taona ireo mpifaninana ary avy amin'ny fari-piainana samihafa. Nihintsana tsikelikely izay resy ka iray sisa no tavela. Tendrena ho mpitondra fivavahana silamo izay mandresy ary omena vola, fiara vaovao, vatsim-pianarana ho any Arabie Saoudite, ary vola hanaovana fivahiniana masina any Lameka. Tsy maintsy mahay tsara ny asan'ny mpitondra fivavahana silamo ny mpifaninana, mahay miady hevitra momba ny fivavahana sy ny olana ankehitriny, ary mahatadidy andininy ao amin'ny Kôrana. Milaza ny mpamorona an'ilay fandaharana fa natao "hisarihana ny tanora" ho amin'ny Fivavahana Silamo izy io.

## Aza Be Resaka ao Amin'ny Internet

Maro amin'ireo mampiasa tranonkala fifaneraserana no tsy tonga saina hoe mety hisy vokany any aoriana any ny tsy fitandremany sy ny filazany zavatra tsy tokony holazaina. Nanonona ny tenin'i Timothy Wright, talen-tsekoly, ny gazety aostralianina *Sydney Morning Herald,* ary nilaza fa 'mandroso ny teknolojia ka voatahiry foana izay teny tsy voahevitra nataonao, na fanaratsiana olona, na sary tsy tokony haseho, na filazana fanazavana manokana momba ny olon-kafa, ary afaka mijery azy ireny izay afaka.' Midika izany, hoy izy, fa "mbola azon'ny mpampiasa jerena izay tsy nety nataon'ny olona iray tamin'izy 15 taona, rehefa afaka 10 taona atỳ aoriana."



**"Mahatsikaiky fa lasa mahatsapa ianao hoe mila mivavaka, rehefa lasa filoha."**—BARACK OBAMA, FILOHAN'I ETAZONIA.

Nasaina nifidy ny fomba **hampisehoany ny fitiavantanindrazany** ny olona tany Arzantina. Ny manao ny akanjon'ny ekipam-pirenena mpilalao baolina kitra no nofidin'ny 56 isan-jaton'ireo eo anelanelan' ny 10 sy 24 taona.—*LA NACIÓN,* ARZANTINA.

Hita tamin'ny fikarohana iray fa **"ny ampahatelony eo ho eo amin'ny sakafo natao hohanin'ny olona erantany no verivery fotsiny na nariana.** Milanja 1 300 tapitrisa taonina eo ho eo isan-taona izany."—SAMPAN-DRAHARAHAN'NY FIRENENA MIKAMBANA MOMBA NY SAKAFO SY NY FAMBOLENA, ITALIA.

"Feno ady sy filazana ady erantany. **Tokony ho vonona foana àry ny tafiky ny firenentsika** mba hiaro ny vahoaka sy ny zava-tsarobidiny rehetra, amin' ny fahavalo avy any ivelany."—PATRIARIKA KIRILL, LEHIBEN'NY EGLIZY ORTODOKSA ANY ROSIA.

Nilaza ny trano fiantohana iray any Alemaina fa amin'ny fito ora maraina ka hatramin'ny valo ora maraina no **be lozam-pifamoivoizana indrindra,** tamin'ny 2010. Hoy ny tompon' andraikitra iray: "Anisan'ny fomba tsara indrindra hisorohana loza ny miainga aloha rehefa hiasa."—*PRESSEPORTAL,* ALEMAINA.

# Inona no Tsy Ampy eo Amin’io Sary Io?

**Vakio ny 1 Samoela 1:24-28; 2:11.** Jereo amin’izay ny sary. Inona no tsy ampy eo? Soraty eo ambany ny valin-teninao ary ampifandraiso ireo teboka mba hamenoana an’ilay sary. Lokoy ny sary avy eo.

**1**..........................................................................

**2**..........................................................................

**3**..........................................................................

● Any amin’ny pejy 11 ny valin’ny “NATAO HODINIHIN’NY MPIANAKAVY”

IARAHA-MIDINIKA: **Tian’ny ray aman-dreniny hanao inona i Samoela, eo amin’ny fiainany? Ahoana no nitahian’i Jehovah an’i Samoela?** Vakio ny 1 Samoela 3:19-21. **Afaka miezaka ny hanao inona koa ianao mba hiderana an’i Jehovah?** Vakio ny Mpitoriteny 12:13; 1 Timoty 4:6-8, 12, 13.

ATAON’NY MPIANAKAVY: **Asaivo manao anjaran’olona iray ao amin’ilay tantara eo ambony ny olona iray. Tsy miteny izy fa manao fihetsika fotsiny. Tokony hiezaka hamantatra an’ilay olona ny ambiny.**




Raha te hanao pirinty an’ireo “Natao Hodinihin’ny Mpianakavy” ianao, dia jereo ireo *Mifohaza!* ao amin’ny **www.jw.org**

# Angony ary lanaro

Hetezo, aforeto, ary tehirizo

KARATRA ARA-BAIBOLY 14

# SAMOELA





**FANONTANIANA**

**A.** I ____ sy ____ no anaran'ny ray aman-drenin'i Samoela.

**B.** Boky inona ao amin'ny Baiboly no nasain'i Jehovah nosoratan'i Samoela?

**D.** Fenoy ity voalazan'ny Baiboly ity: "Nihalehibe teo anatrehan'i Jehovah..."




## SAMOELA

**MOMBA AZY** 'Nampindramin'ny' ray aman-dreniny an'i Jehovah izy, ary mbola kely dia efa nampirisihin'izy ireo hanompo an'Andriamanitra mandritra ny androm-piainany. (1 Samoela 1:24, 28) Nahita mpisorona nanararaotra ny hafa izy nefa tsy nivadika mihitsy, nanao ny marina, ary be herim-po.—1 Samoela 2:22-26; 3:18, 19; 12:2-5, 17, 18.

**VALINY**

**A.** Elkana, Hana.—1 Samoela 1:19, 20.

**B.** Mpitsara, Rota, ary ampahany amin'ny Samoela Voalohany.

**D.** "... i Samoela zaza."—1 Samoela 2:21.

# Olona sy Tany


**4.** Oskar sy Saskia no anaranay, 10 taona sy 7 taona izahay, ary mipetraka atỳ Estonia. Firy eo ho eo ny Vavolombelon'i Jehovah atỳ Estonia: 2 400, sa 4 200, sa 6 800?

**5.** Aiza amin'ireo teboka ireo no mampiseho ny atỳ aminay? Ataovy anaty boribory izany. Asio teboka eo amin'izay misy anao, ary jereo ny elanelan'ny misy anao sy Estonia.





# Ho An'ny Ankizy

Tadiavo ato amin'ity gazety ity ireo sary ireo. Lazao amin'ny fomba fiteninao izay mitranga eo amin'ny sary tsirairay.















# “Faran’izay Tsara Ilay Boky”

● Nanova olona ny fampianaran’i Jesosy Kristy ary tsy hay hadinoina ireo fanoharany. Tianao ve ny hamaky momba an’izany sy izay nataony tetỳ an-tany? Vakio àry ilay boky hoe *Ilay Lehilahy Niavaka Indrindra Teto An-tany.*

Nianatra azy io ny olona iray ary tiany ilay boky ka hoy izy: “Faran’izay tsara ilay boky. Mora azo izy io nefa mahavariana ireo tsipiriany resahiny momba ny fiainan’ny Tompo tetỳ an-tany.”

Natao milahatra araka ny fotoana nisehoany ny tantara ao amin’io boky io, ary nalaina avy tamin’ izay nosoratan’i Matio, Marka, Lioka, ary Jaona, izay velona tamin’ny andron’i Jesosy. Apostoly i Matio sy Jaona ary niaraka tamin’i Jesosy foana. Mpinamana be tamin’ny apostoly Petera i Marka. Mpiara-manao dia tamin’ny apostoly Paoly kosa i Lioka dokotera. Nahazo ny fanahy masina izy efa-dahy ka nanoratra Filazantsara.


Raha te hanafatra an’io boky io ianao, dia fenoy ilay tapakila eto ambany ary alefaso any amin’ ny iray amin’ireo adiresy ao amin’ny pejy 5 amin’ity gazety ity.

❑ Mba andefaso an’ilay boky aseho eto aho.

Amin’ny fiteny:

......................................

❑ Mba andefaso olona aho hampianatra Baiboly ahy maimaim-poana atỳ an-tranoko.




Anarana ......................................................................................

Adiresy ......................................................................................

......................................................................................

Code postal ............... Tanàna ................................................